

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTIRANANA
Madagascar
bramaroson@gmail.com



TARATASY PASTORALY FAHA-5

« Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be..... Izaho no milaza izany aminareo, dia mba ho ao aminareo ny fifaliako, ary mba ho lavorary ny fifalianareo » (Jn 15, 6, 11)

Efa manomboka mipetraka ny rafitra eto anivon'ny diosezintsika. Isaorana Andriamanitra. Isaorana koa isika Olo Araiky. Miroso àry ny dia amin'ny fanorenana ny Eglizy trano fa indrindra ny Eglizy Olo.

Milaza miara-mahita isika fa mbola rafitra « squelettes » hoy isika no misy, izany hoe mbola « taolana » satria tsy mbola misy « nofony » hanome aina sy angovo hamelona sy hanosika azy ka hitondra fandrosoana maharitra. Mampatsiahy izany ny voalazan'i Ezekielia Mpaminany hoe :« *Izao no lazain'ny Tompo Andriamanitra amin'ireto taolana ireto: Indro hampiditra fanahy ao aminareo aho, dia ho velona ianareo. Hasiako hozatra eo aminareo, hampaniriako nofo eo aminareo, hovelarako hoditra eo amboninareo, ary hasiako fanahy ao aminareo, dia ho velona ianareo; ka ho fantatrareo fa Tompo aho* » (Ezek 37. 5-6)

A)Mitoera....

Tsy hanoratra taratasy pastôraly manokana aho amin'izao taom-pikatrahoana izao fa araky ny fangatahan'ny maro, na pretra na voatokana na lahika, dia fanolorana ireo hafatra teo aloha no atao satria hatonta boky mba ho afaka samy hanana ny tsirairay ka hamaky azy amin'ny fotoana rehetra fa indrindra ny komity, ny fikambanana, ny firohotana, ny vaomiera...

Hiditra amin'ny faha-5 taona vaovao isika manomboka amin'ny 2019. Koa rariny sy hitsiny tokoa raha samy manantena vokatry isika ary vokatry maharitra maneho an'izay Eglizy Olo, Eglizy velona izay.

Izany indrindra no mahatonga antsika misafidy an'ity lohahevitra ity hanentana ny taom-pikatrohana sady mamintina rahateo ireo hafatra nampitaina rehetra : « *Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be..... Izaho no milaza izany aminareo, dia mba ho ao aminareo ny fifaliako, ary mba ho lavorary ny fifalianare* » (Jn 15, 6 ; 11)

Misy dikany roa lehibe ny hoe « mitoetra »

1)Mitoetra sy mifikitra tsara amin'ireo dingana natao isika mba hirosoana amin'ny tsaratsara kokoa ka hamokatra.

2)Tsy afaka hamokatra voa tsara maharitra sy be dia be isika na hahazo hafaliana, hafaliana lavorary, raha tsy amin'ny alalan'i Kristy, ao Aminy sy miaraka Aminy araka io hafatra io.

B)Filan-kevitra pastôraly Diosezianina (Conseil Pastoral Diocésain)

Mba hanampy antsika « hitoetra sy hamokatra tsara » dia hiaraka hanatanteraka filankevitra pastôraly isika. Marina efa tsy vahiny ho antsika izany satria efa misy azy io na eo anivon'ny Eglizy Iraka, na eo anivon'ny tanan-dehibe ohatra Antsiranana, Sambava...na eo anivon'ny sektera. Conseil pastôraly takin'ny Droit Canon no kendrentsika ajoro eto. Tsy manafonana ny fanaontsika ny fampijoroana izao Conseil Pastoral diocésain izao fa Filankevitra mampivondrona ireo Conseil Pastoral hahitana ny hery velona rehetra dia ny Birao, Komity, Solontenan'ny Raiamandreny, Solontenan'ny Tanora, MpanabeTsaiky, Solontenan'ny Fikambanana, Firohotana, Vaomiera, Solontenan'ny Voatokana raha misy, solontenan'ny Raiamandrenin'ny mpianatra raha misy sekoly....) miainga avy amin'ny :

1) Eglizy Fiombonana (Komity na birao no fiantso azy angamba raha misy)

2) Eglizy Fototra

- 3) Eglizy Iraka
- 4) Secteur
- 5) Conseil pastoral diocésain.

Amin'ny maha filankevitra pastôraly diosezianina azy dia ny Eveka no mitarika. Adidy voalohany amin'izany ny mandininka izay rehetra hampandrosoana ny fitorian'ny Vaovao Mahafaly amin'ny lafiny rehetra na ara-panahy na ara-tsaina na ara-batana.

Hanomantsika izany dia ireto misy fanontaniana iarahana manao any amin'ny Eglizy Fiombonana dia entina eo anivon'ny Eglizy fototra avy eo aroso amin'ny Eglizy Iraka ka miantefa amin'ny Secteur izay hanambatra azy ary dia entina amin'ny Filankevitra pastôraly diosezianina izay irina atao amin'ny taona ho avy mandritra ny mois sacerdotal. Aza adino fa fitaovana hanampy antsika ny statistika ka tanteraho tsara arak ny dingana tsirairay.

C) Commission « ad hoc »

Ireto ireo olona ao anatin'ny vaomiera manokana (commission ad hoc) hanomana azy miaraka amiko : P Gérard Betalata, P Etienne Spiritain, Fr Directeur, Mr Jean Roger, Sr Gyslaine, Mme Florence, Bricia Seramila, .

Fanontaniana

Indro ny fanontaniana. Tsara averina alohan'ny messe chrismale ny valim-panontaniana.

- Inona no mba vokatry azo tamin'ny alalan'ny fametrahana ireo rafitra : ara-panahy (sakramenta, vavaka, litorjia, pelerinajy....), ara-tsaina (katesizy, katekista, fikambanana, firohotana, vaomiera, fiofanana, sekoly....), ara-nofo (fandraisana an-tanana, diosezy maitso, sekoly maitso...)
- Inona no tena nitondra hafaliana avy tamin'ireo fankalazana notanterahana voalaza tamin'ireo hafatra pastôraly : taonan'ny Fianakaviana, taonan'ny voatokana, taonan'ny famindrampo, taonan'ny fandalinam-pinoana « Kristy Mpiara-belona amintsika ».... ?
- Inona avy ny vatomisakana (ahi-dratsy) tsy nahitana ny vokatry nandrasana na napotika izay efa azo ?
- Milaza lohahevitra hita na maika tsy azo idifiana, tsy azo ialana entina hodinihina amin'ny Conseil Pastôraly Diocésain.

Dingana vaovao no tiansika mianakavy hirosoana hahatonga antsika ho « Génération Mpanorona fa tsy Mpandrava », ho Eglizy Olo manambara an-kasahiana ny maha-katolika antsika. Koa entintsika am-bavaka izany mba ho asan'Andriamanitra tokoa ka raha asany dia lzy hanao ny asantsika ary hamokatra be isika sady vokatry lavorary no maharitra.

Ankinintsika amin'ny Fo Masin'i Jesoa Mpiaron'ny diosezintsika ary amin'ny Fo Madion'i Maria ny ezaka rehetra ataontsika izao. Mitsodrano anareo mba hitoetra mandrakariva amin'i Kristy ka ho sampana mamoa voa tsara mandrakariva.

Mivavahà koa ho ahy.

Anio Alahady 06 Aogositra 2017
Fankazana ny Fiovan'ny Toimpo Tarehy
Ny Mpanomponareo P Eveka



*Benjamin
c.m.*